**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

# LOI n° 2003 - 048

**Autorisant la ratification de l'Accord de Crit conclu le 7 novembre 2003 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD) relatif au Quatrième Prêt d'Ajustement Structurel (PAS IV)**

---

## EXPOSE DES MOTIFS

Afin de procéder au financement du Quatrième Prêt d'Ajustement Structurel (PAS IV), la République de Madagascar a conclu le 7 novembre 2003 un Accord de prêt d'un montant de VINGT CINQ MILLIONS UNITES DE COMPTE (25. 000.000 UC), soit environ DEUX CENT DIX NEUF MILLIARDS (219 000 000 000 ) FRANCS MALAGASY avec le Fonds Africain de Développement (FAD).

### I- OBJECTIFS DU PROJET

Le prêt vise à appuyer les réformes requises pour l'augmentation des recettes fiscales, l'instauration de la bonne gouvernance dans la gestion des finances publiques et la lutte contre la corruption.

Le Quatrième Prêt d'Ajustement Structurel (PAS IV) a pour objectif de redresser les finances publiques en soutenant le volet « développement à moyen et long termes » du programme du Gouvernement.

### II- COMPOSANTES DU PROJET

**PARTIE A** : *Amélioration de la mobilisation des recettes fiscales*

Contribution au renforcement du fonctionnement du Service des Grandes Entreprises.

Modification du cadre législatif et réglementaire pour appuyer ces réformes procédurales et systèmes.

Elaboration des mesures anti-corruption pour s'assurer de l'intégrité des nouveaux agents formés.

Révision du régime d'intéressement des agents.

Informatisation intégrée des fonctions.

Formation et encadrement des agents sur la tâche et la surveillance de l'application de nouvelles procédures de vérification fiscale et de recouvrement.

**PARTIE B** : *Renforcement de l'administration douanière*

Renforcement de l'encadrement des services en diffusant systématiquement des instructions écrites, en instituant des tableaux de bord mensuels et en améliorant l'inspection et l'audit interne :

- adoption d'un programme de lutte contre la corruption ;
- création d'un service central anti-corruption à la Direction Générale des Douanes ;
- sécurisation des recettes, en utilisant de manière effective SYDONIA, en améliorant la prise en charge des marchandises, en développant le contrôle de la valeur et de l'origine et, en professionnalisant la lutte contre la fraude ;
- accélération du passage en douane, en introduisant la sélectivité des contrôles et en simplifiant la procédure de dédouanement ;
- développement du partenariat avec la société de pré-inspection en privilégiant le contrôle de la valeur et le transfert de compétences et de technologies.

**PARTIE C** : *Amélioration de l'exécution budgétaire* :

- production et adoption d'une nomenclature des pièces justificatives aux niveaux engagement et ordonnancement ;
- interdiction du recours aux procédures dérogatoires (réquisitions de paiements) ;
- limitation de créations abusives des caisses d'avances ;
- réglementation stricte des fonds spéciaux.

**PARTIE D** : *Renforcement du suivi des projets cofinancés* :

- gestion des projets financés partiellement ou totalement sur ressources extérieures par des Cellules d'Exécution de Projets (CEP) ;
- suivi de l'exécution des projets par les Ministères de Tutelle et le Ministère chargé des Finances ;
- suivi de la gestion financière de l'ensemble du portefeuille de projets par le Ministère chargé des Finances ;
- renforcement des services de la Direction de la Dette Publique ;
- mise en place d'une structure de suivi/contrôle financier pour suivre la gestion financière des projets et la tenue d'une comptabilité budgétaire ;

- équipement de la Direction de la Dette Publique en moyens logistiques adéquats ;
- formation des agents.

**III -SOURCE DU PRET :** FAD

## IV- CONDITIONS FINANCIERES DU PRÊT

**Montant** : 25.000.000 UC, soit environ 219 000 000 000 FRANCS MALAGASY.
**Durée** : 50 ans, y compris un différé d'amortissement de 10 ans.
**Commission de service** : 0,75% par an, sur le montant du prêt décaissé.
**Commission d'engagement** : 0,50% sur le montant de prêt non décaissé et non remboursé, commençant à courir 120 jours après la signature de l'Accord.
**Remboursement** : 1% du principal tous les ans de la 11ème année à la 20ème et 3% tous les ans par la suite.

Aux termes de l'article 82, paragraphe VIII de la Constitution, «….la ratification ou l'approbation de traités … qui engagent les finances de l'Etat …doit être autorisée par la Loi ».

Tel est l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

# LOI n - 048

**Autorisant la ratification de l'Accord de Crit conclu le 7 novembre 2003 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD) relatif au Quatrième Prêt d'Ajustement Structurel (PAS IV)**

---

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 19 décembre 2003 et du 22 décembre 2003, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier** - Est autorisée la ratification de l'Accord de crédit conclu le 7 novembre 2003 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement relatif au QUATRIEME PRET D'AJUSTEMENT STRUCTUREL (PAS IV) d'un montant de VINGT CINQ MILLIONS (25 000 000) UC soit l'équivalent de DEUX CENT DIX NEUF MILLIARDS (219 000 000 000) FRANCS MALAGASY.

**Art. 2** - La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 22 décembre 2003**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,** **LE PRESIDENT DU SENAT,**

**LAHINIRIKO** Jean **RAJEMISON RAKOTOMAHARO**

**ACCORD DE PRET**

**ENTRE**

**LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR**

**ET**

**LE FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT**

**(QUATRIEME PRET D'AJUSTEMENT STRUCTUREL - PAS IV)**

**ACCORD DE PRET**

**ENTRE**

**LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR**

**ET**

**LE FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT**

**(QUATRIEME PRET D'AJUSTEMENT STRUCTUREL - PAS IV)**

Le présent ACCORD DE PRET (ci-après dénommé l' "Accord ") est conclu le ____________________ entre la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR (ci-après dénommée l' "Emprunteur") et le FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT (ci-après dénommé le "Fonds").

ATTENDU QUE le Fonds a reçu de l'Emprunteur une requête dans laquelle l'Emprunteur décrit un programme comportant des objectifs, politiques et actions en vue de redresser la gestion des finances publiques et d'améliorer le suivi budgétaire des opérations financées par les différents bailleurs de fonds de l'Emprunteur (ci-après dénommé le "Programme");

ATTENDU QUE l'Emprunteur déclare être résolu à exécuter ledit Programme et demande au Fonds de contribuer à son financement, en lui accordant un prêt jusqu'à concurrence du montant stipulé ci-après;

ATTENDU QUE l'Emprunteur se propose d'obtenir une assistance complémentaire d'autres bailleurs de fonds pour contribuer au financement du Programme;

ATTENDU QUE l'Unité d'Exécution du Programme créée au sein du Ministère de l'Economie, des Finances et du Budget sera l'organe d'exécution du Programme;

ATTENDU QUE le Fonds a accepté d'octroyer ledit prêt à l'Emprunteur conformément aux clauses et conditions stipulées ci-après;

EN FOI DE QUOI, les parties au présent Accord sont convenues de ce qui suit :

## ARTICLE I

## CONDITIONS GENERALES - DEFINITIONS

**Section 1.01**. Conditions Générales. Les parties au présent Accord conviennent que toutes les dispositions des Conditions Générales applicables aux Accords de prêt et aux Accords de garantie conclus par le Fonds, portant la date du 23 novembre 1989, telles qu'amendées, (ci-après dénommées les "Conditions Générales"), ont la même portée et produiront les mêmes effets que si elles étaient insérées intégralement dans le présent Accord.

**Section 1.02** Définitions. A moins que le contexte ne s'y oppose, chaque fois qu'ils seront utilisés dans le présent Accord, les différents termes définis dans les Conditions Générales ont la signification qui y a été indiquée.

## ARTICLE II

## PRET

**Section 2.01**. Montant. Le Fonds consent à l'Emprunteur sur ses ressources ordinaires et aux conditions stipulées dans le présent Accord, un prêt d'un montant maximum de vingt cinq millions d'unités de compte (25 000 000 UC) (l'unité de compte étant définie à l'article 1, alinéa 1 de l'Accord portant création du Fonds).

**Section 2.02**. Objet. Le prêt servira à financer la mise en œuvre des mesures du Programme défini à l'Annexe III du présent Accord.

**Section 2.03**. Affectation. Le prêt sera utilisé pour les paiements des biens et services importés conformément aux dispositions de l'Annexe II du présent Accord.

## ARTICLE III

## REMBOURSEMENT DU PRINCIPAL, COMMISSION DE SERVICE,

## COMMISSION D'ENGAGEMENT ET ECHEANCES

**Section 3.01**. Remboursement du principal. a) L'Emprunteur remboursera le principal du Prêt après un différé d'amortissement de dix (10) ans, à compter de la date de signature du présent Accord sur une période de quarante (40) ans, à raison de un pour cent (1%) par an entre les onzième et vingtième années de ladite période et de trois pour cent (3%) par an par la suite.

b) Le prêt sera remboursé par des versements semestriels et consécutifs, dont le premier sera effectué le 1$^{er}$ mars ou le 1$^{er}$ septembre, selon celle des deux dates qui suivra immédiatement la fin du différé d'amortissement.

**Section 3.02**. Commission de service. L'Emprunteur paiera une commission de service de trois quarts de un pour cent (0,75%) l'an, sur le montant du prêt décaissé et non encore remboursé, conformément aux stipulations de la Section 3.02. des Conditions Générales.

**Section 3.03.** Commission d'engagement. L'Emprunteur paiera une commission d'engagement de un demi de un pour cent (0,50%) l'an sur le montant du prêt non décaissé, sur une période commençant à courir cent vingt (120) jours après la date de signature de l'Accord.

**Section 3.04**. Echéances. Le principal du prêt, la commission de service et la commission d'engagement prévus ci-dessus devront être versés tous les six (6)

mois, les 1er mars et 1er septembre de chaque année.

**ARTICLE IV**

**CONDITIONS PREALABLES A L'ENTREE EN VIGUEUR**

**ET AUX DECAISSEMENTS**

**Section 4.01**. Conditions préalables à l'entrée en vigueur. L'entrée en vigueur du présent Accord est subordonnée à la réalisation par l'Emprunteur des conditions prévues à la Section 5.01 des Conditions Générales.

**Section 4.02**. Conditions préalables au décaissement de la première tranche. Outre l'entrée en vigueur du présent Accord, le décaissement de la première tranche de dix huit millions d'unités de compte
(18 000 000 UC) est également subordonné à la réalisation par l'Emprunteur des conditions suivante :

- fournir au Fonds la preuve de l'ouverture : (i) d'un compte spécial, auprès de la Banque Centrale de Madagascar, destiné à recevoir les ressources du prêt (le "Compte Spécial") et (ii) de deux comptes ordinaires dans une banque destinés, chacun, à recevoir des ressources affectées à chacun des deux appuis;

- fournir au Fonds la preuve de la signature d'un contrat avec une firme acceptable par le Fonds pour la mise en œuvre des mesures de renforcement de la Direction de la Fiscalité des Grandes Entreprises (DFGE);

- fournir au Fonds la preuve de la création d'un Comité chargé de suivre l'application du plan d'action de renforcement des administrations douanière et fiscale;

- prendre un décret pour la mise en place d'une nomenclature des pièces justificatives à utiliser dans le contrôle des dépenses publiques;

- prendre un texte portant restriction des recours aux procédures dérogatoires (réquisitions de paiement);

- prendre un texte fixant les modalités d'utilisation des régies d'avances avec fixation d'un plafond de paiement; et

- fournir au Fonds la preuve d'une réglementation stricte des fonds spéciaux.

**Section 4.03**. Conditions préalables au décaissement de la seconde tranche. La seconde tranche de sept millions d'unités de compte (7 000 000 UC) ne sera décaissée que si l'exécution du Programme et l'utilisation de la première tranche du prêt par l'Emprunteur sont considérées comme satisfaisantes par le Fonds, d'une part, et si, d'autre part, l'Emprunteur satisfait les conditions suivantes :

- réaliser des progrès jugés satisfaisants par le Fonds dans la mise en œuvre effective du plan d'action de renforcement des administrations douanière et fiscale; et ;

- réaliser des progrès jugés satisfaisants par le Fonds dans l'exécution budgétaire.

**ARTICLE V**

**DECAISSEMENTS - DATE DE CLOTURE**

**Section 5.01.** Décaissements. Le Fonds, conformément aux dispositions du présent Accord et des Conditions Générales, et sous réserve des dispositions de l'Annexe I dudit Accord, procédera à des décaissements en vue de couvrir ou couvrant les dépenses afférentes à l'importation des biens et services éligibles.

**Section 5.02**. Date de clôture. La date du 31 décembre 2005 ou toute autre date ultérieure qui aura été convenue entre l'Emprunteur et le Fonds est fixée aux fins de la Section 9.01 paragraphe a (iv) des Conditions Générales.

**Section 5.03**. Affectation du montant des décaissements a) l'Emprunteur n'utilisera les montants des décaissements que pour les fins assignées à chaque montant décaissé.

b) En application des dispositions de la Section 6.01 paragraphe (b) des Conditions Générales, les dépenses relatives au Programme, effectuées au cours des six (6) mois précédent la signature du présent Accord seront financées sur les ressources du prêt à concurrence de trente pour cent (30%) du montant total du prêt, soit un montant maximum de sept millions cinq cent mille unités de compte (7 500 000 UC).

**ARTICLE VI**

**ACQUISITION DES BIENS ET SERVICES**

**Section 6.01**. Utilisation des ressources du prêt. L'Emprunteur s'engage à ce que les sommes provenant du Prêt ne soient utilisées que pour l'acquisition dans les territoires des Etats participants ou Etats membres, des biens qui y sont produits

ou des services en provenant (les termes "Etat participant" et "Etat Membre" étant définis à l'Article 3, alinéa 1, de l'Accord portant création du Fonds).

**Section 6.02**. Acquisition des biens et travaux. L'acquisition des biens et travaux se fera comme stipulé ci-après, conformément aux Règles de Procédure pour l'acquisition des biens et travaux adoptées par le Fonds le 15 juillet 1996, telles que révisées le 10 novembre 1999 :

Les marchés pour les importations autorisées effectuées par le secteur privé ou les entreprises parapubliques de type commercial seront passés selon les pratiques commerciales admises à Madagascar et acceptables pour le Fonds, et,

Les marchés pour les importations d'une valeur égale ou supérieure à deux millions d'unités de compte (2 000 000 UC) faites par le secteur public se feront par appel d'offres international tandis que les marchés pour les importations d'une valeur de moins de deux millions d'unités de compte (2 000 000 UC) seront passés selon les pratiques commerciales admises à Madagascar et acceptables pour le Fonds.

**Section 6.03.** Acquisition des services. L'acquisition des services se fera comme stipulé ci-après, conformément aux Règles de Procédure pour l'Utilisation des Consultants adoptées par le Fonds le 15 juillet 1996, telles que révisées le 10 novembre 1999 :

les services relatifs au renforcement du suivi des projets cofinancés seront acquis par consultation sur la base d'une liste restreinte; et

Les services relatifs à l'amélioration de la mobilisation des recettes fiscales seront acquis par négociation directe.

**Section 6.04.** Les ressources du Fonds serviront à financer l'acquisition de biens et services éligibles, à l'exception de ceux énumérés dans la liste négative en Annexe II du présent Accord. Les biens et services visés concernent les importations de biens et services dont l'origine est exclusivement limitée aux pays membres du Groupe de la Banque.

**ARTICLE VII**

DISPOSITIONS DIVERSES

**Section 7.01**. Représentant autorisé. Le Ministre de l'Economie, des Finances et du Budget ou toute personne qu'il désignera par écrit sera le représentant autorisé de l'Emprunteur aux fins de la Section 14.03 des Conditions Générales.

**Section 7.02**. Date de l'Accord. Le présent Accord sera considéré en toutes circonstances comme conclu à la date qui figure en première page.

**Section 7.03**. Adresses. Les adresses suivantes sont mentionnées aux fins de la Section 14.01 des Conditions Générales.

**Pour l'Emprunteur** : **Adresse postale** :

Ministère de l'Economie, des Finances et du BUDGET
B.P. 129
Antananarivo
REPUBLIQUE DE MADAGASCAR
Adresse télégraphique :
Télex : 22489 MINFIN
Téléphone : (261) 20 22 646 81/20 22 646 82
Fax : (261) 20 22 345 30

**Pour le Fonds** : **Adresse postale** :

Fonds africain de développement
01 NP 1387
Abidjan 01
REPUBLIQUE DE COTE D'IVOIRE
Téléphone : (225) 20 20 44 44
Télécopie : (225) 20 20 40 99

• **EN FOI DE QUOI**, le Fonds et l'Emprunteur, agissant par l'entremise de leurs représentants autorisés respectifs, ont signé le présent Accord en deux exemplaires en français.

**POUR LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR**

________________________________________

**POUR LE FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT**

___________________________________

ANNEXE I

COMPTE SPECIAL

Aux fins de la présente Annexe :

l'expression "Dépenses Eligibles" désigne des dépenses effectuées pour régler le coût des biens et services nécessaires à l'exécution du programme, conformément aux dispositions de l'Annexe II de l'Accord;

l'expression "Allocation Autorisée" désigne un montant maximum équivalant à dix huit millions d'unités de compte (18 000 000 UC) au titre de la première tranche, et de sept millions d'unités de compte (7 000 000 UC) au titre de la deuxième tranche qui devra être déposé dans le Compte Spécial conformément aux dispositions du paragraphe 3 de la présente Annexe;

A moins que le Fonds n'en convienne autrement, les paiements effectués au moyen du Compte Spécial doivent servir exclusivement à financer des Dépenses Eligibles.

Après que le Fonds aura reçu les pièces établissant à sa satisfaction que le Compte Spécial a été dûment ouvert, le décaissement de l'Allocation Autorisée sera effectué comme suit :

L'allocation autorisée correspondant à la première tranche de dix huit millions d'unités de compte (18 000 000 UC) sera déposée dans le Compte Spécial dès que l'Emprunteur aura rempli les conditions préalables de décaissement de la première tranche;
La deuxième tranche de sept millions d'unités de compte (7 000 000 UC) ne sera décaissée qu'après évaluation jugée satisfaisante par le Fonds de l'exécution du programme et l'accomplissement par l'Emprunteur des conditions y afférentes.

Pour tout paiement qu'il aura effectué au moyen du Compte Spécial, l'Emprunteur

devra fournir au Fonds tous les documents et autres pièces que le Fonds peut raisonnablement demander, attestant que le paiement a été effectué au titre des Dépenses Eligibles.

Si le Fonds estime à un moment quelconque qu'un paiement au moyen du Compte Spécial (i) a été effectué pour régler une dépense ou une allocation non autorisée en vertu des dispositions de la présente Annexe, ou (ii) n'était pas justifié par les pièces fournies conformément aux dispositions du paragraphe 3 de la présente Annexe, l'Emprunteur, dès notification du Fonds, lui remboursera un montant égal audit paiement, ou à la fraction dudit paiement qui n'était pas autorisée ou justifiée. Le Fonds n'effectue aucun nouveau paiement ou dépôt au Compte Spécial tant que l'Emprunteur n'a pas effectué ledit remboursement.

Si le Fonds estime à un moment quelconque que tout solde éventuel du Compte Spécial n'est pas nécessaire pour effectuer d'autres paiements au titre des Dépenses Eligibles, l'Emprunteur s'engage, dès notification du Fonds à lui rembourser ledit solde du Compte Spécial.

## ANNEXE II

## RETRAIT DES FONDS DU PRET

Aucun retrait ne peut être effectué pour :

des dépenses se rapportant aux fournitures suivantes :

articles militaires et paramilitaires;
produits et biens de luxe;
déchets industriels de toute nature; et

les dépenses relatives aux biens faisant partie de groupes ou sous-groupes de la Standard International Trade Classification ("SITC"), sont exclues des importations éligibles à savoir :
boissons alcoolisées;
tabacs bruts ou non manufacturés, déchets du tabac;
tabacs manufacturés (même contenant des succédanés de tabac);
matières radioactives et produits associés;
perles fines ou de culture, pierres gemmes et similaires, brutes ou travaillées;
réacteurs nucléaires et leurs parties et pièces détachées, éléments combustibles non irradiés (cartouches pour réacteurs nucléaires);
bijoux en or, argent ou en métaux du groupe platine (à l'exclusion des montres et des boîtes à montres) et articles d'orfèvrerie (y compris les pierres précieuses

serties); et
or à usage non monétaire (à l'exclusion des minerais et concentrés d'or).

**ANNEXE III**

DESCRIPTION DU PROGRAMME

Le Programme comprend quatre (4) composantes :

Amélioration de la mobilisation des recettes fiscales
Renforcement de l'administration douanière
Amélioration du contrôle des dépenses publiques
Renforcement du suivi des projets cofinancés.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana**

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

## VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA 056/2003

**anomezan-dalana ny fankatoavana ny fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 7 novambra 2003 ifanaovan'ny Repoblikan'i madagasikara sy ny tahiry afrikana ho an'ny fampandrosoana momba ny fandaharan'asa fanarenana ara-drafitra, andiany fahefatra (PAS IV)**

## FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ho famatsiam-bola ny FANDAHARAN'ASA FANARENANA ARA-DRAFITRA andiany fahefatra, ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana dia nanasonia fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny TANJONA

Ny vola notrosaina dia enti-manohana ny fanitsiana tadiavina mba hitombon'ny fidiram-bola amin'ny alàlan'ny hetra, fametrahana fitondrana tsara tantana amin'ny fitantanam-bolam-panjakana sy ny ady amin'ny kolikoly.

Ny Fandaharan'asa Fanarenana ara-drafitra Andiany faha-4 (PAS IV) dia natao ho fanarenana ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny alàlan'ny fanohanana ny hevitra hoe "Fampandrosoana Ivo ezaka sy lavitr'ezaka" ny fandaharan'asan'ny fitondram-panjakana.

**SEHATRA**

Ny sehatr'asa lehibe ao amin'ny Fandaharan'asa dia ireto avy :

**Lafiny A** : Fanatsarana ny fampidiran-ketra

Anjara biriky ho fanamafisana ny fampandehananan-draharahan'ny sampan-draharaha miandraikitra ny Orin'asa lehibe

- fanovàna ny fari-dalàna sy fitsipi-dalana mba hoenti-manova ireo sori-

dalàna sy rafitra ;
- famolavolana fitsipika ho enti-miady amin'ny kolikoly mba hiantohana ny fidirana antsehatr'ireo mpiasa vaovao nofanina ;
- fanitsiana ny rafi-pitondrana ;
- tamba-zotran'ny asa sy ny informatika ;
- fanofanana sy fampianarana ny fomba fitantananana vaovao ho fanamarinana ny fampidiran-ketra.

**Lafiny B** : Fanamafisana ny fitondrandrarahan'ny fadintseranana

- fanatevenana ny fampianarana ireo sampan-draharaha ka hizarana ara-potoana ny torolalana an-tsoratra, fametrahana "ny tabilam-panarahamaso ny asa vita isam-bolana ary fanatsarana ny fanarahamaso sy fanaraha-maso anatiny ;
- fandaninana drafitr'asa enti-miady amin'ny kolikoly ;
- fananganana sampan-draharaha voalohany miady amin'ny kolikoly eo anivon'ny foibem-pitondrana ankapobe eo anivon'ny fadin-tseranana (DGID) ;
- fiarovana ny vola miditra amin'ny fampiasana SYDONIA amin'ny fanatsarana ny fandraisana an-tanana ny entana amin'ny fanatsarana ny fanaraha-maso nysanda sy ny fihavian'ilay entana, ary ho fampahaizan'asa aman-draharaha ho fiadiana amin'ny hosoka ;
- fanafainganana ny fidirana ao amin'ny fadin-tseranana amin'ny fampidirana fomba fanaraha-maso ny fadin-tseranana.

**Lafiny D** : Fanatsarana ny fanaraha-maso ny fandaniam-bolam-panjakana

- famokarana ny fankatoavana ny fizaran-doha-tenin'ny taratasy fanamarinana eo anivon'ny fandraiketana (trosa) sy Fibaikona ;
- fandrarana ny fangatahana "réquisitons de paiements" ;
- famerana ny fanokafana tafahoatra ny "caisses d'avances" ;
- fandaminana entitra ny "fonds spéciaux".

**Lafiny E** : Fanatevenana ny fanarahamaso ny tetikasa vatsiana

- fitantanana ataon'ny sampana mpanatanteraka ny tetikasa vatsin'ny ampahany na manontolo ny loharanom-bola ivelany ;
- fanaraha-maso ataon'ny Ministera tompon'andraikitra sy ny ministeran'ny vola amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa ;
- fanatevenana ireo sampandraharaha eo anivon'ny foibem-pitondrana miandraikitra ny trosam-panjakana (DDP) ;
- fametrahana rafi-panaraha-maso hanarahana ny fitantanana ara-bola ireo tetikasa ary fametrahana fitanan-kaonty ara-tetibola ;
- fampitaovana ny foibem-pitondrana miandraikitra ny trosam-panjakana amin'ny alàlan'ny trano fiasana mifanaraka amin'ny tokony ho izy ;
- fampiofanana ny mpiasa.

**FAMATSIAM-BOLAN'NY TETIKASA : TAHIRY AFRIKANA HO AN'NY FAMPANDROSOANA (FAD)**

**FEPETRA ARA-BOLA**

Totaliny : 25.000.000 UC

Faharetan'ny famerenam-bola : 50 taona, ao anatin'izany ny 10 taona tsy handoavana.

Tamby amin'ny fampiasam-bola : 0,75% isan-taona amin'ny vola nampiasa nefa tsy voaloa

Tambim-panekena : 0,50% isan-taona, amin'ny vola tsy mbola nampiasaina sy tsy naverina, manan-kery manambola 120 andro aorian'ny nanaovan-tsonia ny fifanarahana manomboka.

Famerenana ny renivola : 1% ny renivola aloa isan-taona, eo amin'ny faha-11 taona, eo amin'ny faha-20 taona ary 3% ny renivola isan-taona ho an'ny sisa.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82 paragrafy VIII ao amin'ny lalàm-panorenana "… ny fankatoavana ny fifanarahana izay mampiditra andraikitra hoefaina amin'ny volam-panjakana … dia tokony omen-dalana amin'ny alàlan'ny lalàna ".

Izany sy izany no anton'ity Volavolan-dalàna ity.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**--------**

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

---

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-056/03**
**tamin'ny 16 desambra 2003**

**Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny7 novambra 2003 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (FAD) momba ny FANDAHARAN'ASA FANARENANA ARA-DRAFITRA, Andiany Fahefatra(PAS IV).**

---

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha 19 desambra 2003 izao Volavolan-dalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany**.- Omen-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny 7 novambra 2003 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (FAD) momba ny FANDAHARAN'ASA FANARENANA ARA-DRAFITRA, Andiany Fahefatra, izay mitentina DIMY AMBY ROAPOLO TAPITRISA (25.000.000) UC izany hoe manodidina ny SIVY AMBIN'NY FOLO SY ROANJATO LAVITRISA (219 000 000 000) IRAIMBILANJA MALAGASY.

**Andininy Faharoa**.- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao. Hotanterahana izany fa Lalàm-panjakana.

**Antananarivo faha 19 desambra 2003**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY SEKRETERA,**

**LAHINIRIKO** Jean

**FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA**

**Ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana momba ny Fandaharan'asa Fanarenana ara-drafitra andiany fahefatra (PAS IV).**

---

Izao Fifanarahana izao (lazaina manaraka eto hoe : "Ny fifanarahana" dia noraiketina tamin'ny 7 novambra 2003 ka nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara (lazaina manaraka eto hoe : "Ny Mpisambotra" sy ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (lazaina manaraka eto hoe "Ny Tahiry".

SATRIA ny tahiry dia naharay avy amin'ny Mpisambotra fangatahana ilazany ny fandaharan'asa misy ny tanjona ara-politika sy ireo sehatr'asa ikendrena ny hanorenana ny fitantanam-bolam-panjakana sy hanatsarana ny fanaraha-maso ny teti-bola amin'ireo asa vatsin'ireo mpamatsy vola (lazaina manaraka eto hoe "Fandaharan'asa").
SATRIA ny Mpisambotra dia nanambara fa nanaiky ny hanatanteraka ny Fandaharan'asa ary nangataka tamin'ny Tahiry mba handray anjara amin'ny famatsiam-bola azy amin'ny fanomezana azy vola trosaina tsy mihoatra ny tentina voalaza manaraka izao.
SATRIA ny Mpisambotra dia mihevitra ny hahazo famatsiam-bola fanampiny avy amin'ireo mpamatsy vola hafa ho fandraisana anjara amin'ny famatsiambolan'ny Fandaharan'asa.
SATRIA : Atsangana eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena, ny Fitantanambola ary ny Tetibola ny Sampana Mpanatanteraka ny fandaharan'asa.
SATRIA ny Tahiry dia manaiky ny hanome hoan'ny Mpisambotra ny vola trosaina, araka ny fepetra voalaza manaraka izao

NOHO IZANY, dia miara-manaiky izao manaraka izao sy ny andininy avy :

ANDININY I

FEPETRA ANKAPOBE - HEVITENY

<u>FIZARANA 1.01</u> Fepetra ankapobe

Eken'ny andininy avy amin'izao fifanarahana izao fa izay rehetra voalaza ao amin'ny fepetra ankapobe mifehy ny Fifanaraham-pisamboram-bola sy Fifanaraham-piantohana nataon'ny Tahiry tamin'ny 23 Novambra 1989, ary nasiam-panovana (lazaina amin'ny manaraka eto hoe : "Ny fepetra ankapobe") dia mitana ny heviny sy ny fiandraikany ohatry ny voasoratra manontolo amin'izay fifanarahana izao.

**FIZARANA 1.02 Heviteny**

Afa-tsy hoe hevitra hafa mihitsy no tiana hambara, ireo fiteny samihafa voadika ao amin'ny "Fepetra ankapobeny" isaky ny ampiasaina amin'izao fifanarahana izao, dia mitana ny dikany nomena azy.

ANDININY II

NY FISAMBORAM-BOLA

**Fizarana 2.01 Tentiny**

Ny Tahiry dia manaiky fa hanome ho an'ny Mpisambotra avy amin'ny loharano-karenany tsotra sy amin'ny fepetra voalaza manaraka izao vola mitentina fara-fahabeny DIMY AMBY ROAPOLO TAPITRISA unités de compte) (25.000.000 UC) ny hevitry ny hoe "Unité de compte" dia voazava ao amin'ny andininy voalohany andalana 1 ao amin'ny Fifanarahana momba ny fanorenana ny Tahiry).

**Fizarana 2.02 Tanjona**

Ny vola nosamborina dia ampiasaina hamatsiana ny fanatanterahana ireo fepetra takian'ny fandaharan'asa voalaza ao amin'ny Tovana III amin'ity fifanarahana ity.

**Fizarana 2.03 Fampiasana**

Ny vola nosamborina dia ampisaina handoavana ny lany amin'ireo kojakoja ilaina ho fanatanterahana ny fandaharan'asa araka ny fepetra ao amin'ny Tovana II amin'ity fifanarahana ity.

**ANDININY III**

FAMERENANA NY RENIVOLA -TAMBY AMIN'NY FAMPIASAM-BOLA-TAMBIM-PANEKENA SY FETRAM-PANDOAVANA

**Fizarana 3.01 Famerenana ny renivola**

Aorian'ny faha-10 taona tsy hamerenam-bola, manomboka ny vaninandro nanaovan-tsonia ny fifanarahana no hamerenan'ny Mpisambotra ny renivola mandritran'ny efapolo (40) taona, ka iray isan-jato (1%) isan-taona eo anelanelan'ny faha iraika ambiny folo sy taona faha roapolo ny fe-potoana hamerenam-bola ary telo isan-jato (3%) isan-taona ho an'ny sisa.
Ny vola nosamborina dia averina amin'ny fandrotsahana isan'enim-bolana sy mifanesy, ka ny fandrotsaham-bola voalohany dia ataony na ny voalohany martsa na ny voalohany septambra manaraka avy hatrany ny fiafaran'ny fe-potoana tsy hamerenam-bola.

**Fizarana 3.02 Tamby amin'ny fampiasam-bola**

Ny mpisambotra dia handoa tamby amin'ny fampiasam-bola telo ampahefany (0,75%) isan-taona amin'ny vola efa navoaka nefa mbola tsy naverina, izany araka ny voalaza ao amin'ny fizarana 3.02 ny Fepetra ankapobeny.

**Fizarana 3.03 Tambim-panekena**

Ny Mpisambotra dia handoa tambim-panekena antsasaky ny iray (0,50%) amin'ny vola tsy navoaka, manomboka ny roapolo amby zato (120) andro aorian'ny vaninandro hanaovana sonia ny fifanarahana.

**Fizarana 3.04 Fotoam-pandoavana**

Ny renivola nosamborina, ny tamby amin'ny fampiasam-bola sy ny tambim-panekena voalaza etsy ambony dia tsy maintsy harotsaka isan'enimbolana ny 1 martsa sy ny 1 septambra isan-taona.

ANDININY IV

**FEPETRA ILAINA HAMPANAN-KERY NY FIFANARAHANA SY ILAINA AMIN'NY FAMOAHANA NY AMPAHAM-BOLA VOALOHANY**

**Fizarana 4.01 Fepetra ilaina hampanan-kery ny fifanarahana**

Hanan-kery izao fifanarahana izao raha tontosain'ny Mpisambotra avokoa ireo fepetra voalaza ao amin'ny fizarana 5.01 ny fepetra ankapobeny.

**Fizarana 4.02 Fepetra ilaina amin'ny Famoahana ny ampaham-bola voalohany**

Ankoatran'ny fananan'izao fifanarahana izao hery, ny famoahana ny ampaham-bola voalohany mitentina VALO AMBY NY FOLO TAPITRISA (18.000.000) Unités de comptes dia mbola miankina amin'ny fanatanterahan'ny Mpisambotra ireto fepetra manaraka ireto :

hanome ho an'ny Tahiry ny porofon'ny fanokafana kaonty manokana ao amin'ny Banky foiben'i Madagasikara natao handraisana ireo loharanom-bola notrosaina ary kaonty tsotra roa misaraka any amin'ny Banky mba handraisana avy amin'ny loharanom-bola manokana ho an'y Tohana roa avy;
Hanome ho an'ny Tahiry ny porofom-pifanarahana voasonia ka hekeny izay niraharaha tamin'ny Orin'asa ka heken'ny Tahiry mba ho fametrahana ireo fepetra hanamafisana ny foibem-pitantanana ny hetran'ireo Orin'asa lehibe (DFGE);
Hanome ho an'ny tahiry ny porofon'ny fananganana komity miandrikitra ny fanarahamaso ny fanatanterahana ny drafitr'asa ho fanamafisana ny fitantanan-draharahan'ny fadin-tseranana sy ny hetra;
Fandraisana didim-panjakana ho fametrahana amin'ny toerany ny fizaran-doha-tenin'ireo taratasy fanamarinana ampiasaina amin'ny fanarahamaso ny fandaniambola ataon'ny fanjakana;
Fandraisana rijan-teny mitondra Famerana ny fangatahana (réquisitions de paiement);
Fandraisana ny rijan-teny miandraikitra ny fomba fampiasana ny fitondran-draharaha momba ny vatsim-bola miaraka amin'ny fandraiketana ny fetra ambonin'ny fandoavam-bola , ary
Hanome ho an'ny Tahiry ny porofon'ny fepetra hentitra ny Tahirim-bola manokana (Fonds Spéciaux)

**<u>Fizarana 4.03</u> Fepetra ilaina amin'ny Famoahana ny ampaham-bola faharoa**

Ny Famoahana ny ampaham-bola faharoa mitentina FITO TAPITRISA Unités de compte (7.000.000 UC) dia miankina amin'ny fanatanterahan'ny Mpisambotra ny fandaharan'asa sy ny fampiasana ny ampaham-bola voalohany ka nahafapo ny Tahiry araka ireto fepetra manaraka ireto :

Fampivoarana nahafapo ny Tahiry tamin'ny fanatanterahana ny drafitr'asa ho fanamafisana ny fampandehanan-draharahan'ny fadintseranana sy ny hetra, ary
Fampivoarana nahafapo ny Tahiry tamin'ny fampiasam-bolam-panjakana.

**ANDININY FAHA-V**

**FAMOAHAM-BOLA VANINANDRO FAMARANANA**

**Fizarana 5.01 Famoaham-bola**

Ny Tahiry, araka ireo fepetra amin'izao fifanarahana izao sy ny fepetra ankapobe, ary miankina amin'ny fepetra ao amin'ny TOVANA 1 amin'ny voalaza ho fifanarahana, dia hamoaka vola mba handoavana ny lany amin'ny fananana sy ny fisahanan-draharaha ilaina mba ho fanatanterahana ny fandaharan'asa.

**Fizarana 5.02 Vaninandro famaranana**

Ny vaninandron'ny 31 desambra 2005 na ny vaninandro hafa aorian'izao izay hifanarahan'ny Mpisambotra amin'ny Tahiry dia voafaritra ao amin'ny Fizarana 9.01 andalana a(iv) n'ny Fepetra ankapobeny.

**Fizarana 5.03 Fampiasana ny vola navoaka**

Ny Mpisambotra dia tsy hampiasa ny vola navoaka afa-tsy amin'ny tanjona natokana amin'ny vola navoaka avy.
Ho fampiharana ny Fizarana 6.01 andalana (b) amin'ny Fepetra Ankapobe, ny fandaniana mikasika ny Fandaharan'asa natao nandritra ny enim-bolana mialoha ny nanaovan-tsonia ny Fifanarahana, dia hovatsiam-bola amin'ny loharanom-bola notrosaina hatramin'ny telopolo ho isan-jato (30%) ny fitambaran'ny tetin'ny vola trosaina, izany hoe mitentina fara-fahabeny DIMY HETSY SY FITO TAPITRISA Unités de compte (7.500.000 UC).

ANDININY FAHA-VI

**FIVIDIANANA NY FANANANA, ASA SY FISAHANAN-DRAHARAHA**

**FIZARANA 6.01 Fampiasana ny loharanom-bola**

Ny Mpisambotra dia miantoka fa ny vola azo avy amin'ny fisamborana dia tsy azo ampiasaina afa-tsy amin'ny fividianana ao anatin'ny tanin'ny Firenena mpandray anjara na Firenena mpikambana, ny fananana izay novokarina ao na ny fisahanan-draharaha avy ao. (Ny fomba fiteny hoe : "Firenena mpandray anjara" sy "Firenena mpikambana" dia izay voafaritra ao amin'ny andininy faha-3, andalana 1, ao amin'ny fifanarahana mikasika ny fanorenana ny Tahiry).

**FIZARANA 6.02 Fividianana ny fananana sy ny asa**

Ny fividianana ny fananana dia tokony atao araka ny voalaza manaraka izao, araka ny fitsipiky ny fombafomba fividianana fananana sy asa nankatoavin'ny Tahiry tamin'ny 15 jolay 1996, ary nasiam-panamboarana tamin'ny 10 novambra 1999.

Ny tsena ho an'ny fanafarana entana ataon'ny sehatra tsy miankina na ny orinasa tantanan'ny Fanjakana amin'ny ampahany izay misahana ny ara-barotra dia atao araka ny fomba fampiasa ara-barotra ekena any Madagasikara sy hitan'ny Tahiry fa azo ekena.

Ny tsena ho an'ny fanafarana izay manana fitambaram-bidy mitovy na mihoatra ny roa tapitrisa Unités de compte (2.000.000 UC), ho an'ny sehatry ny Fanjakana dia hatao amin'ny alàlan'ny fifantenana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena fa ny fividianana izay manana totalim-bidy latsakin'ny roa tapitrisa dia hatao araka ny fomba fampiasa ara-barotra mahazatra heken'i Madagasikara sy ny Tahiry.

**FIZARANA 6.03 Ny Fividianana ny fisahanan-draharaha**

Ny fividianana ny fisahanan-draharaha dia tokony atao araka ny voalaza manaraka izao, araka ny Fitsipiky ny fampiasana olona fakan-kevitra nakatoavin'ny Tahiry ny 15 jolay 1996, ary nasiam-panamboarana tamin'ny 10 novambra 1999 :

ny fisahanan-draharaha momba ny fanamafisana ny fanarahamaso ny tetikasa vatsiana mpamatsy maro dia atao amin'ny alàlan'ny faka-kevitra miainga amin'ny lisitra voafetra.

Ny fisahanan-draharaha momba ny fanatsarana ny fampidiran-ketra dia atao amin'ny alàlan'ny fifanarahana mivantana.

**FIZARANA 6.04** Ny volan'ny Tahiry dia hividianana fananana sy fisahanan-draharaha voafantina, ankoatra ireo voatanisa ao amin'ny lisitry ny entana tsy voafantina ao amin'ny tovana II an'ity Fifanarahana ity.

Ny fananana sy ny fisahanan-draharaha voatendry eto dia mikasika ny fanafarana fananana sy fisahanan-draharaha izay vidina manokana ao amin'ny Firenena mambran'ny Fikambanan'ny Banky.

ANDININY FAHA-VII

FEPETRA SAMIHAFA

**FIZARANA 7.01. Solontena nomem-pahefana**

Ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola na ny olona hafa nomeny fahefana an-tsoratra, no misolo tena ny Mpisambotra araka ny voalaza ao amin'ny fizarana 14.03 amin'ny fepetra ankapobe.

**FIZARANA 7.02. Vaninandron'ny Fifanarahana**

Izao Fifanarahana izao dia heverina ho nifanaovana tamin'ny vaninandro

voasoratra amin'ny pejy voalohany.

**FIZARANA 7.03**. **Adiresy**

Ireto manaraka ireto no voamarika araka ny fizarana 14.01 ny Fepetra Ankapobeny.

Ho an'ny Mpisambotra : Adiresy amin'ny paositra :
Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola
B.P. 129
Antananarivo
MADAGASIKARA
Adiresy telegrafika
Télex : 22489 MINFIN
Telefona : (261) 20 2264681/20 2264682
Telekopia : (261) 20 2234330

Ho an'ny Tahiry : Adiresy amin'ny paositra
Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana
01 BP 1387
Abidjan 01
COTE D'IVOIRE
Telefona : (225) 20 20 44 44
Telex : (225) 20 20 40 99

Ho fanamarinana izany, ny Mpisambotra sy ny Tahiry, amin'ny alàlan'ireo solontena nomem-pahefana avy, dia manao sonia izao Fifanarahana izao izay nadika roa mitovy amin'ny teny frantsay.

Avy amin'ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Sonia tsy hay vakina

Aty amin'ny TAHIRY AFRIKANA HO AN'NY FAMPANDROSOANA

Sonia tsy hay vakiana

**TOVANA I**

**KAONTY MANOKANA**

Momba ity tovana ity :

Ny teny hoe : "Fandaniana azo hekena" dia milaza ny vola laniana entina handoavana ny kojakoja ilaina amin'ny fanatanterahana ny fandaharan'asa, araka ny voalazan'ny Tovana II ny Fifanarahana.
Ny teny hoe "vola nahazoan-dàlana" dia milaza ny habetsaham-bola mitovy amin'ny 18.000.000 UC ho an'ny ampahany voalohany, ary 7.000.000 UC ho an'ny ampahany faharoa izay tsy maintsy hapetraka ao amin'ny kaonty manokana araka ny voalazan'ny toko 3 amin'ity tovana ity.

Lazaina anefa fa, raha tsy nisy zavatra hafa noheverin'ny Tahiry, ny fandaniana ao amin'ny kaonty manokana dia tsy maintsy hamatsiana ny fandaniana azo hekena.

Rehefa naharay porofo nahafapo milaza ny fisokafan'ny kaonty manokana ny Tahiry, ny fisintonana ny vola nahazon-dàlana dia tao toy izao manaraka izao :

Ny vola nahazoan-dalàna mifanaraka amin'ny ampahany voalohany mitentina 18.000.000 UC dia hapetraka ao amin'ny kaonty manokana raha vao mahafeno ny fepetra takiana mialohan'ny famoahana ny ampaham-bola voalohany ny mpisambotra.
Ny ampaham-bola faharoa izay mitentina 7.000.000 UC dia tsy havoaka raha tsy aorian'ny tomban'ezaka heverin'ny Tahiry fa nahafapo tamin'ny fanatanterahan'ny mpisambotra ireo fepetra miaraka aminy.

Ireo vola rehetra naloa amin'ny alàlan'ny kaonty manokana, dia hamarinin'ny mpisambotra amin'ny alàlan'ny fandefasana any amin'ny Tahiry ireo antontan-taratasy sy taratasy milaza ny fandaniana natao tsy mandika ny fandaniana azo hekena voafaritra.

Raha heverin'ny Tahiry na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona fa nisy fandaniana natao tao amin'ny kaonty manokana na vola tsy nahazo an-dalana araka ny voalazan'ity tovana ity na (ii) tsy voamarin'ity taratasy takian'ny andalana 3 an'ity tovana ity, dia mamerina ireo vola nolaniany tao ny mpisambotra raha vao voamarin'ny Tahiry izany, na ny ampahany mitovy amin'izay tsy nahazoan-dàlana sy fanamarinana. Tsy misy fandaniana azo atao intsony amin'ny alàlan'ny kaonty manokana io raha tsy voaverina io vola tsy nahazoan-dàlana.

Raha vao hitan'ny Tahiry na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona fa ny ambim-bola ao amin'ny kaonty manokana dia tsy nampiasaina amin'ny fandoavana ny fandaniana hafa nahazoan-dalana, dia manao sora-panekena ao amin'ny Tahiry amin'ny kaonty manokana io.

**TOVANA II**

## FISARIHANA NY VOLA NOTROSAINA

Tsy misy fisariham-bola azo atao mba :

hanefana ny lany momba ireto kojakoja manaraka ireto :

Entana miaramila sy ny mitovitovy aminy
Vokatra sy fananana rendrarendra
Fako avy amin'ny indostria isan-karazany, ary

Ny fandaniana mifandraika amin'ireo vokatra tafiditra ao amin'ny vondrona na zana-bondron'ny "Standard International Trade Classification (SITC), dia tsy tafiditra amin'ny fanafaran'entana azo atao izany hoe :

zava-pisotro misy alikaola
paraky tsotra na tsy namboarina, fako avy amin'ny paraky
paraky voavoatra (na dia misy ny fanovana ny paraky aza)
akora misy taratasy sy vokatra akambana aminy
vakana sarobidy na fanao haingo, vatosoa sy mitovitovy aminy, tsy voavotra na namboarina "Réacteurs nucléaires" sy ny nanaovana azy ireo ary ny kojakoja fanolo, zavatra fandrehatra tsy manaparitaka ny heriny (fonosana ho an'ny réacteurs nucléaires).
Firavaka vita amin'ny volamena, volafotsy na ny ao anatin'ny platine (ankoatran'ny famataranandro sy ny kojakoja momba ny volamena (ao anatin'izany ny vatosoa napetaka)
Volamena tsy natao havadika vola (ankoatran'ny akora sy ny akoran-bolamena)

## TOVANA III

FILAZALAZANA NY FANDAHARAN'ASA

Ny Fandaharan'asa Fanarenana ara-drafitra, andiany faha-4 dia manana sehatrasa lehibe telo (3)

Fanatsarana ny fampidiran-ketra
Fanamafisana ny fitondrandraharahan'ny fadintseranana
Fanatsarana ny fanarahamaso ny fandaniam-bolam-panjakana
Fanatevenana ny fanarahamaso ny tetikasa vatsiana.